Ny Valosoa sy hadihady

Tsy fahombiazan'ny fitondrana Rajoelina
Ho very fotoana ny firenena raha mitohy izao

Ho very fotoana eto lahy isika noho ny ataon'izao fitondrana Rajoelina izao. Aiza ka amin'ny 2028, hono, vao ho voavaha ny delestazy. Fitondrana tsy hanao raha izany, fa fandaniampotoana ny vahoaka sy ny firenena izany. Niara-nandre tsara ny vahoaka malagasy ny amin'ny teny fampanantenana nataony nandritry ny fampielezan-kevitra ho filoham-pirenena, ary notebahany mihitsy aza ny kandidà Ravalomanana mpifaninana taminy tamin'izany fotoana izany, fa tsy mahay noho izy raha io resaka famatsian-jiro sy vahaolana amin'ny delestazy io. Nokianiny mafy ihany koa ny filoha teo alohany fa tsy nahavaha ny olan'ny delestazy. Toy ny hoe vao miakatra eo amin'ny fitondrana izy, sady nilaza fa efa misy ny vola, dia ho voavahany ny olana amin'izany. Iaraha-mahita sy miaina tsara anefa izao ny delestazy, izay lasa toy ny mahazatra isan'andro eo amin'ny fiainan'ny vahoaka andavanandro. Zarina amin'izany ny vahoaka ho za-dratsy. Dia izao indray mbola tadiaviny hotohizana aman-taonany maro, fa tsy voavahany araka ny teny fampanantenana nataony izay tena zary poak'aty tokoa. Tsy hisy olom-pirenena na iray hafa aza ve hahavaha izao olan'ny delestazy izao alohan'ny 2028? Ela loatra raha io taona nambaran'ny filohan'ny repoblika io, ary tsy mendrika izany ny vahoaka malagasy. Ny fisian'ny delestazy miverimberina matetika isan'andro, na andro aman'alina mihitsy aza, ary mbola haharitra, dia manambara mazava fa firenena mahantra tanteraka i Madagasikara, ary mbola hijanona hahantra hatramin'io taona nomeny io.

Raha mahita sy mandre ihany koa ny fiovan-kevitra lava na tsy fitanana ny teny nomena nataon'i Andry Rajoelina hatramin'izay dia sarotra ny hino fa ho voahaja ireo taona nomeny ireo, na ny taona 2028 hamahana ny delestazy, na ny amin'ny taona 2038 nilazany fa hihenan'ny tahan'ny mahantra ho 37%, na ihany koa toy fanovana ny hevitry ny Miami tany Toamasina, sns. Iza no hino, fa ho voahazona izany tarehimarika izany? Rehefa avy eo hisy toe-javatra hitranga na eto amin'ny firenena na eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena dia hiàla bala indray toy ny natao tamin'ny valanaretina covid-19 sy ny rivodoza. Izany hoe, fampiresahana tsotra izao no ataon'ny filohan'ny Repoblika tamin'ny teny nataony. Ho very fotoana araka izany ny firenena ka mila fiheverana izany. Ny firenen-kafa anefa, izay maro izy ireo ao Afrika na aty amin'ny ranomasimbe Indiana, dia efa mihazakazaka ny fandrosoany na ny fivoarany. Ny vahoaka malagasy kosa ho taraiky eto, sanatriavina…?

Sôh'son

TRANSPARENCY INTERNATIONAL

Tokony havoakany amin'izay ny atidohaben'ny mpanao kolikoly

Namono biby tsy nahafaty, izay no azo ilazana ny Gel '' Groupe des Exportateurs des Letchis'', nitory ny ''Transparency International,Initiative Madagascar'' na '' TI-IM'' izay nolazain'ny Gel, fa namoaka vaovao tsy marina hono, raha nanatsikafona ny fisian'ny kolikoly amin' ny fanondranana ''letchis'' .

Nampanantsoina teny amin'ny mpitandro filaminana mpanao fanadihadiana momba ny heloka ara-toekarena Ramatoa Rafitoson Ketakandriana Tale mpanatanteraka ao amin'ny '' TI-IM'', niaraka tamin' Andriamatoa Rakotomalala Dominique Filohan'ny Filankevimpitantanan'ny ''TI-IM'', efa tonga hatramin'ny fampiakarana tany amin'ny fampanoavana ny raharaha , saingy niara-nitrerona ireo masoivoho avy amin' ireo firenendehibe sy ireo fikambanana iraisampirenena ary ireo mpitarika politika goavana toy ny Filoha Marc Ravalomanana sy ny Filoha Rivo Rakotovao niampy ireo firaisamonina sivily marobe dia voatery tsy maintsy nihemotra ny fitsarana, ary hatramin'izao dia tsy mbola voafaritra ny fotoana hanaovana azy, sady tsy nambara koa hoe rava ny fitoriana, tsy nandrenesampeo ihany koa ny olon'ny fitondrana fa dia nimaona toy ny trondro, afa tsy ilay Ramatoa mpanao vavan'ny maty andrano .

Ny azo antoka aloha dia ampanginina moramora toy ny fitoriana nataon'ny Dr Ramasomanana Ravo Nambinina, sy ny fisian'ny ''doublons'' nambaran'i Thierry Rakotonarivo, ary koa ny raharaha ''Ecrant plat'' sy ''Bonbons sucettes''miampy ny tatitra navoakan'ny'' cours des comptes '' momba ny fandaniambola tsy mazava tamin'ny aretina koronaviriosy izao fanenjehana izao. Ny resaka fitondrana hazo tsy aradalana tany Alaotra Mangoro moa dia Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena mihitsy no nampiakapeo nilaza ny hoe izay tsy nanota taminareo hono no tokony hitora-bato an'i ''Lanto Palissandre''.

Etsy ankilany anefa dia tazonina amponja noho ny fanehoankevitra nataony ry Berija, Rollly Mercia, Mahery Lanto Manandafy, Beary Marcellin sns ,ny eo anivon'ny fitondrana anefa dia maro ireo mitsaontsaombava amin'ny tsy marina , kanefa dia tsy misy mpikitika.

Tsy tokony ho vitavita moramora amin'ny hoe fanafoanana ny fitsarana ny resaka, fa rehefa natomboka dia tokony ho tohizana hatramin'ny farany, ilaina avoaka mazava ny hoe nisy marina ve ny kolikoly tao amin'ny ''Gel'' , ary raha nisy dia Iza no nanao azy? ka ny '' TI-IM '' sy ireo firaisamonina sivily no manana adidy amin'izany, miandrandra ny fahasahiana avy amin' ireo firaisamonina sivily ireo ny vahoaka, ka raha sanatria tsy hiroso amin' izany izy ireo dia alaimpanahy ny vahoaka hieritreritra hoe mpiray tsikombakomba na nahazo kely tany amin'ny mpitondra.

Efa manao tsipakin'ny miala aina ny fihetsik'ireo mpomba ny fitondrana, satria araka ny nambara tetsy aloha dia namono biby tsy nahafaty ka tsy maintsy ifoteran'ny rambony,ny ''Transparency International'' arak'izany anarany izany dia rariny raha mampiseho mibaribary ny antsoina hoe ''transparence'' na ny fangaraharana tanteraka, ny anjaran'ny vahoaka na ny ireo any amin'ny fiarahamonina na ireo any amin' ny minisitera sy ambaratongampahefana samihafa, dia tokony ho mailo tanteraka na ''vigilant'' amin'ny fanarahamaso ny fihetsik'ireo mpitondra efa tsy ho ela dia ''lera'', satria ny mpibaiko ny mpitondra no niala maina tany amin'ny fitsarana noho ny fahendren'ny fianakaviambe iraisampirenena sy ireo mpitarika politika tia tanindrazana.

Andrasan'ny rehetra ny tena hivoahan'ny anaran'ny atidohaben'ny mpanao kolikoly, indrindra amin'ity resaka letchi ity aloha. Ny depiote Roland Ratsiraka dia efa nanatsidika an'izay, fa ny mpandraharaha Mamy Ravatomanga no tena ao ambadik'izany, mifehy ity sehatra fanondarana vokatra fanondrana ity. Ho sahy hamotsipotsitra an' izany amin'izay ve ny TI-IM? Tantara mitohy io.

Ny Valosoa

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Transparency International
Ny hevitry ny mpanao facebook momba ity raharaha ity

Poussy Best : manohana ary Miray Hina amin'ny DR Ketakandriana Rafitoson- Phd- Executive Director Transparency International... Ity raharaha mahazo ny Dr Ketakandriana Rafitoson ity no ahitana ny fomba fiasan'ny rafitra rehetra eto Madagasikara. Rehefa misy olona maha sahy miteny ny zavatra tsy mety ataony dia haingana be ny fiasan'ny rafitra rehetra. Tsy natao hijerena izay tena marina anefa fa toa fanakiviana izay rehetra mieritreritra mbola hijoro sy hiteny. Adidin'ny olom-pirenena ny miteny ny zavatra tsy mety ataon'ireo olomboatendry sy olomboafidy amin'ny fitatanan-draharaham-piarahamonina (mpiasam-bahoaka ireo fa tsy Raimandreny izany, Repoblika no misy antsika).

Niny Zafindravola : aoka hanjaka ny marina fa leo ny fahantrana ré tompokô o !

Mamie Ramanitrarivo : courage tompoko. Hanjaka eto n'y fahamarinana.

Lanja Tsilavo : ataovy mazava tsara foana ny porofo d Tonga d avoahay ho hitan'ny olona rehetra rehf misy n tranga ohatran'izao e, tsy misy afaka miala zany eo rehefa tena mazava ny porof,

Randriamarofasy Francois : tadidiko ilay slogan tamin'ny tee-shirt nozarainan"Aok'izay ny kolikoly dia hilamina ny tany " Tena 'zay tokoa a !

Fara Razafiarisoa : Tompo o arovy ny Nosinay.

Haingo Rajohanesa : tena tonga hatraty dilambato mihintsy ny fampihorohoroana ireo sahy miloabava manakiana sy manameloka ny tsindry, ny fampahantrana ny malagasy sy ny fandrobana ny harempirenana . Tsy Rariny.

Rajo AT : tandremo. Mila mazava ny porofo dia ho tonga international hita eo ny tena mafy sy henjana.

Haingo Rajohanesa : aza MBA Kristiana tena izy mandala lalàna sy Tia Tanindrazana Ary momba marina r'eo pôlisy mitandro ny filaminana tsy misy fitaka ihany, fa tena miseho milay bé mintsiny Ireo tsy Maty manota jiolahy anaty tambazotra sy mpivarotra tanindrazana @zao.

Lanja Tsilavo : ilay iz alo tsara n mahasahy miteny fa aleo ampiarahina ny porofo mazava d Tonga d aseho h hitan'ny olona rehetra, Raha tsy mandray andraikitra amin'izay n tompon'andraikitra d miaraka mitabataba n olona rehtra, fa tsy ampy ilay fitenena fotsny hoe nisy kolikoly goavana n fanondranana letchi, mivadika fanalana baraka mantsy ilay izy Ary misy n lalàna manenjika n fanalana baraka olona. Avoahay ny porofo dia lazao daholo ny anaran'ireo meloka.

Haingo Rajohanesa : porofo sy vavolombelona maro no efa nohorohoroina sy nampanjavonina eh! Olona atao vono moka, fanadihadiana hajanona tsy halefa araka ny takian'ny lalána sy ny rariny sy ny hitsiny, Ireo tana-mihosondrà miwerawera sy mizititzity eraky ny tanàna... Looooza ! Andriamanitra ts y andrin'ny hafa, Andrin'ireo olomarina tsy misy fitaka ihany eh!

Tiana Rabezanahary : tsy tian'ny mpitondra ramatoa fa SAHY manapotsitra ny tsy mety ataony. Alefa Ketakandriana aaa !